Fiainam-pirenena 3
**Hiakatra daholo ny rehetra afa-tsy ny fahefa-mividy**

Mandena Fort-Dauphin 3
**Nirefotra ny lakrimôzena nanaparitahana ireo tantsaha sahirana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Varotra sy toekarena 5
**Miala any ny La Grande Braderie**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 28 aprily 2022 Laharana 1291 Vidiny : 400 Ar


Ho fiakaran'ny vidin-tsolika 6
## Hanao randra-mitarika ny fiakaran'ny vidin-javatra



Antenimierampirenena 2
## Misy miketrika fanonganana ny birao maharitra




Raharaha Lily sy Clemence 2
## Niala maina indray ry Vazahabe sy ny forongony



Maroantsetra faritra Analanjirofo 2
## Nifangaro voraka ny raharaham-panjakana sy ny an'ny Freedom



Olona nanao taingin-telo tamin'ny moto 6
**Nosamborin'ny polisy, fa nisandoka andraikitra**

Tranombarotra Baolai 7
**Tonga ny "ecran plat"**

**Daka kely**

Prezida an'ny tsy fanajana lalàna mihitsy izany ialahy ry Boaikely

RAHARAHA LILY SY CLEMENCE

## Niala maina indray ry Vazahabe sy ny forongony

Niakatra fanintsiviny tamin'ny fanadihadiana ny namana mpanao gazety Raharinirina Clemence ary fanindroany ny namana mpanao gazety Lily Rafaralahy, ny mpitory azy ireo dia tsy miova f'Ingahy Mera Vazahabe sy ny forongony hatrany, kanefa dia midona amin'ny rindrina hatrany ny fitoriana misesisesy, satria miezaka manao ny asany araka ny fianianana nataony ireo mpitandro filaminana sy ny ao amin'ny fitsarana.

Ilay niseho tamin'ny Talata lasa teo aleo dia tsarina, fa filambaniny tsotr' izao no nataon-dRamatoa Lalatiana Ravololomanana, izay niezaka nanadio ny ben'ny tanàna sy niaro tena fatratra, satria mpiray petsapetsa ao amin'ireo rafitra petatoko ao amin'ny Cua, izay mambotry ny vahoakan'Antananarivo.



*Lily sy Clemence teny Anosy afak'omaly.*

Natao izay nanalana baraka an'izy mirahavavy, izay mpanolotsainan'ny tanàna toa an'ilay mpitory, saingy dia niala maina e, fa ilay mpitory indray no vao mainka nihitsam-boninahitra.

Efa madiva ho tapitra ny fotoam-piasan'Ingahy Mera , sarotra inoana ny mbola hahavoafidy azy amin'ny manaraka, satria ny vahoakan'Antananarivo dia vahoaka misaina, tsy hidi-bingo intsony amin'ireo izay nitondra loza ho azy, ny fahendrena ho an'ny ben'ny tanàna sy ny forongony dia ny mampitsahatra amin' izay ny fomba fanaon' ireo'' mamo miantso polisy'', satria toa ireo notoriana indray no vao mainka mahazo rariny, dia tokony homena ihany koa ny vidin-tsolik'ireo toriana lava ireo, fa zon'izy ireo ny hisitraka izany toy ireo mpanolotsaina hafa , dia tokony haloa avokoa ireo vola nosamborina tsy ara-dalàna toy ny an'ny Cnaps, sns… ary farany dieny mbola tsy sarotra ny raharaha dia aleo ihany koa ravana ireo rafitra petatoko mampisy olana ao amin'ny Cua .

Omaly, mbola nisy mpanolotsainan'ny tanànan' Antananarivo miisa 5 avy amin'ny antoko TIM voaantso teny amin'ny sampan-draharahan'ny cybercriminalite Anosy.

**Ny Valosoa**

Maroantsetra faritra Analanjirofo

## Nifangaro voraka ny raharaham-panjakana sy ny an'ny Freedom

Nanatanteraka fitsidihana tany Maroantsetra faritra Analanjirofo ny Minisitry ny serasera sy ny Kolontsaina, Lalatiana Andriatongarivo rakotondrazafy ny alatsinainy sy talata lasa teo. Araka ny fampitam-baovao azo avy any Maroantsetra dia tena nifangaro voraka ny raharaham-panjakana sy ny an' ny antoko Freedom nandritra izany. Nambaran' ireo olona nanatri-maso tao Maroantsetra, fa fananganana ny rantsan'ny antoko Freedom ao Maroantsetra no natao, fa mody notakonana tamin'ny Tagnamaro fandokoana biraon'ny TVM any an-toerana. Tagnamaro izay tsy naharesy lahatra ny olona tany Maroantsetra akory. Fananganana birao vaovao no tokony natao fa tsy fandokoana hoy ny hetahetan'ny any an-toerana, satria efa ratsy dia ratsy ilay birao. Nitaraina tamin'izao fandalovan'ny ministra Lalatiana tany Maroantsetra izao koa ireo mpikatroka TGV, voalaza mantsy fa tsy mba nahazo fanasana tamin'izao fandalovan'i Lalatiana tany Maroantsetra izao ireo mpikatroka TGV mafana fo. Fihetsika izay sokajian'izy ireo, fa fanilihana ireo tena nanohana an-dRajoelina sy fanaovana "freedomisation" tanteraka.



*Ny biraon'ny RNM sy ny TVM any Maroantsetra.*

Re nandritra izao diany tany Maroantsetra izao koa, fa nomena toromarika sy rahonana ireo mpiasan'ny haino aman-jerim-panjakana rehetra any Analanjirofo, mba hiditra amin'ny antoko Freedom.

**Ny Valosoa**

Antenimierampirenena

## Misy miketrika fanonganana ny birao maharitra

Hivory ara-potoana voalohany amin'ity taona ity, ireo Parlementa eto amintsika dia ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena, ny talata 3 mey ho avy izao no hanomboka amin'ny fomba ofisialy izany fivoriana ara-potoana izany. Io dia araka ny voalaza ao amin' ny lalampanorenana, mivory ara-potoana voalohany ny Parlemanta eto amintsika manomboka ny talata voalohany amin'ny volana mey, koa dia io talata 3 mey io no daty hanombohan'izany fivoriana izany. Araka ny loharanom-baovao, misy depiote maro an'isa eny Tsimbazaza amin'izao fotoana, miketrika ny fanongana ny birao maharitr'ity andrimpanjakana mpanao lalàna ity. Vokatry ny olana anatiny ao anivon' ireo mpomba ny fitondrana no mahatonga izany araka ny voalaza, anisan'ny lasibatra amin' izay fanonganana izay ireo filoha lefitra ao amin' ity andrimpanjakana ity toy ny filoha lefitra amin' ny Faritanin'i Fianarantsoa Brunelle Razafintsiandraofa, na vao norai- sina teny lavoloha aza izy tamin'ity herinandro ity. Toy izany koa ny filoha lefitra amin' ny Faritanin'i Toliara Jean Jacques Ra- benirina, ny filoha lefitra amin'ny Faritanin'Antananarivo, izay tsy re intsony tato ho ato, satria misy ny antsojay ataon'ny fitondrana aminy amin'ny maha-mpandraharaha azy. Anisan'ny manana olana koa ny filoha lefitra amin'ny Faritanin'i Mahajanga Raharinirina Ninà, manana olana amin'ny governoran'ny faritra Boeny, sy amin'ny ministry ny fampianarana ambaratonga ambony. Izy rehetra ireo dia heverin' ireo depiote maro an'isa mpiara-dia amin'ny fitondrana ho manaratsy endrika ny fitondrana Rajoelina, ary manaratsy endrika ny Antenimierampirenena koa, ka ketrehan' izy ireo hoesorina izao, amin'ny alalan'ny fanonganana ny birao maharitra. Fa anisan'ny mety hitranga eny Tsimbazaza koa amin'izao fivoriana izao, ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta, ny depiote avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM dia efa nilaza an'izay. Ny mampieritreritra koa, hisaorana ny Praiminisitra Ntsay Christian anio, hotolorana mari-boninahitra, ka mety hitondra ho amin' izay fitsipaham-pitokisana izay koa ny ho fanalana azy, satria izao efa hisaorana izao. Ho hitantsika eo ihany ny ho tohin'izany rehetra izany.





*Ny lapan'ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza.*

**Isambilo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fiainam-pirenena

## Ny momba ny mpitsikera, ny mpanohitra ary ny mpanasoketa

Marobe ny "Tsikera " ataon 'ny fiaraha-monina ny filoham-pirenena sy ny fitondram-panjakana amin' izao fotoana izao, noho izy ireo tsy mba mihaino izay teny atsipin'ny vahoaka, sy izay mba manana toro-hevitra fa dia ny azy ireo irery hatrany ny azy, ka rehefa mampiseho izany ny rehetra indrindra fa ny antokom- politika dia lazaina fa mpanohitra foana.

Ny depioten'i T oamasina ohatra, Andriamatoa Roland Ratsiraka dia nanamafy, fa raha misy tsikera atao, na soso-kevitra atsipy dia tokony ho raisina ihany raha mahasoa, fa tsy tonga dia lazaina ho mpanohitra. Ny antoko politika sasany ihany koa, na ireo malaza ho mpanohitra dia tokony ho henointeny ihany raha manana vaovao tsara ambara fa tsy atao : halako bika tsy tiako tarehy foana raha vao manipy ny anjarany. Ny olona manodidina an-dRajoelina toa an-dry Naivo Raholdina ohatra dia ny manohana be fahatany fotsiny no ataony, mitetika ilay fifidianana taona 2023 madiva ho avy io, ka mamporisika amin'ny ratsy sy ny tsy rariny atao amin' izany no ataony, manaratsy ny filohan'ny TIM, izay ambara fa be taona nefa toa tsy mijery ny taonan'ireo mpitondra teo aloha, toa ny amiraly Ratsiraka, Pr Zafy,… fony ry zareo teo amin'ny fitondrana eny fa na dia i dadabe Tsiranana aza, ka mieboebo fa ny tanora ihany hono, no mendrika hitondra nefa izy miantsoantso io mihitsy no be fitetika raha samy solombavambahoaka eto Analamanga : mitsabaka amin'ny raharaham-pitsarana, manimba ambiansy amin'ny finoana Jesosy Mamonjy, mijery mitongilana ny ao amin'ny firaisana faha-5, tsy mba maka izay tsipin-kevitra omen'ny mponina, mba hampitaina amin-dRajoelina fa dia ny azy irery ihany no rariny sy ara-dalàna.

Raha fintinina dia mpanohitra daholo ve ireo mpanao tsikera? dia mba aiza ho aiza amin'ireny ny atao hoe: manara-penitra nefa na ny nataon ' i Lalatiana Rakotondrazafy tany Tsiroanomandidy aza efa mitady hampizarazara ny mpanara-dia ny mpanohana an-dRajoelina toy ny TGV, IRD, MAPAR... izay hita fa ireo mbola zandry olona foana, no mitady hanondrana amin'ny fanasoketana.

**Beharo**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Haingo R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Hiakatra daholo ny rehetra afa-tsy ny fahefa-mividy

Nanao fanambarana teo imason' ny Governemanta sy ireo parlemantera miaradia aminy Ingahy Filoha Rajoelina, fa hampiakarina hono ny vidin'ny solika sy ny karaman'ny mpiasampanjakana , ny an'ireo mpiasa tsy miankina dia mbola hisy hono ny fifampidinihana eo amin'ny fitondrana sy ireo tompon'andraikitra avy amin'ny orin'asa tsy miankina. Tsy mbola voalaza ny fotoana hisian'ny fampiakarana ary tsy mbola voafaritra ihany koa ny tahan'ny fisondrotana.

Mikasika ny vidin-tsolika aloha dia efa azo antoka fa hiteraka fisondrotana eo amin'ny saran-dalana izay fiakarana izay, ka samy tsy azo ihodivirana na ny an'ny mpandeha, na ny entana, izay ho entin'ny fiara izay hampiakatra ihany koa ireo entana jifain'ny vahoaka .

Mikasika ny fisondrotan-karama indray dia nanitrikitrika Ingahy Filoha tamin'ny 31 desambra 2019, nisian'ny fampisondrotana farany fa ho 13 isanjato ilay fitomboana. Ny tarehimarika 13 dia isa tena tian'Ingahy Filoha, ka asa na io 13 isanjato io ihany amin'ity, na ho 13 x2 dia manome 26 isanjato na koa mety ho 13x3 dia manome 39 isanjato, tokony ho izany satria roa taona izay tsy nisy fampisondrotana.

Ireo mpitarika sendika dia nanambara fa tokony ho 30 isanjato ny fisondrotana, ary efa nandefa tatarasy tany amin'ny Filohan'ny Repoblika, ny Praiminisitra , ny Filohan'ny Antenimierampirenena, ny Filohan'ny Antenimierandoholona, ny Minisitry ny Fitantanambola, ny Minisitry ny Asa sy Asampanjakana ireo sendika nanazava ny anton'ilay 30 isanjato, ka raha 26 isanjato dia mba manakaikikaiky ilay 30 isanjato ary raha 39 isanjato dia mihoatra lavitra amin'ny nangatahina , fa raha 13 isanjato na latsaka izany dia efa ady ilaina amin'ny sendika ny an'ny fitondrana.

Ny 80 isanjaton'ny vahoaka malagasy dia dradradradraina fa tantsaha avokoa, tsy miandrandra karama hiakatra ireo maro an'isa ireo, ary ny tena manahirana azy ireo ny vidin'ny vokatry ny tany dia miankina amin'ny sitrapon'ireo mpanangombokatra, tsy vitan'izay ihany koa fa misedra olana ny tantsaha amin'ny famoaham-bokatra vokatry ny haratsin'ny lalana, izay tsy nisy ny fanamboarana taorian'ny tsy nahateo amin'ny fitondrana ny Filoha Ravalomanana .

Ny tena mampanahy amin'izao fampiakarana karama sy vidin-tsolika ataon'ny fitondrana izao dia vao mainka hitera-pahavoazana ho an'ny vahoaka malagasy , satria mody hoe akarina ny vola raisina, saingy manoatra noho izany ny sondrobidy aterakin'ny fidangan'ny vidintsolika, ny dikan'izany dia vao mainka mitontongana ny fahefa-mividy.

***Ny Valosoa***

## JEUNES TIM SY JEUNES RMDM DIEGO

# Hanadio tanàna any Antsiranana ny sabotsy izao

Tsy ny fanarahana ny raharaham-pirenena ihany no ataon'ny tanora n any Jeunes TIM sy ny Jeunes RMDM any Antsiranana, fa manatanteraka asa sôsialy koa izy ireo. Vao andro maromaro lasa izay, no nanatanteraka fambolen-kazo ireo mpikatroka tanora avy amin' ny antoko TIM sy ny mpikatroka tanora avy amin' ny Rodoben'ny mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM), any amin'ny tapany avaratry ny Nosy iny, izao izy ireo dia hanadio tanàna ihany koa. Ny sabotsy 30 aprily ho avy izao hanomboka amin'ny 7 ora maraina, hanao fanadiovana ny Place Joffre any Diego izy ireo. Ny Place Joffre dia anisan'ny toerana malaza sy fitsangatsanganana ao Antsiranana, mahatazana ny seranantsambo sy ny Helodranon'Antsiranana, ka be mpitsidika, tsy ny faran'ny herinandro ihany fa saika isan'andro. Noho izay antony izay, no nahatonga ireto tanora ireto hanadio io toerana io. Sabotsy mifankahita, hoy ny mpikarakara.

***Stefa***



*Ny Place Joffre any Antsiranana.*

Mandena Fort-Dauphin

# Nirefotra ny lakrimôzena nanaparitahana ireo tantsaha sahirana

Araka ny vaovao farany voaray omaly, avy any Mandena any amin'ny distrikan'i Fort-Dauphin faritra Anôsy, nirefotra ny lakrimôzena tany an-toerana nanaparitahan'ireo mpitandro filaminana, ireo tantsaha sahirana nanao fihetsiketsehana. Nifampiatrika tamin'ireo vahoaka: vahoaka maty mosary noho ny fahatapahan'ny antom-pivelomany, izay nanao grevy teny amin'ny lalan'i Mandeha, ny mpitandro ny filaminana.




*Ny orinasa Rio-Tinto/QMM any Mandena Faradofay.*

Marihana fa hatramin'ny nahafatifaty ny hazandrano na fia anatin'ny rano, izay mbola mitohy hatramin'izao dia tsy azo anjonoana ny toerana fanjonoana amin'ny kaominina manodidina an'i Mandena.

Tapaka ny fivelomana ireo olona tantsaha ireo. Ankoatran'ireo olana maro isan-karazany izay mbola tsy nahitana fahafahampo.

Nandefasan'ny mpitandro filaminana baomba mandatsa-dranomaso ireo tantsaha ireo. Olona 10 no naratra vokatr'izany.

Araka ny vaovao voaray avy any Fort-Dauphin ihany, manana mpiaro ve ny vahoak'i Faradofay sa ny miaro ny orinasa vahiny no laharam-pahamehana amin'izao fotoana?

***Stefa***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Hitombo ny karama, fa hitombo be koa ny vidim-piainana

**Tax Ramiaranjato :** mora fetsena ve lay Gasy ? dia : Merci Prezidà. Ho ampiakariny kely ny karama dia hitombo be ny vidimpiainana avy eo.

**Roger Rakotomanga:** dia mbola mitehaka ry vendrana isany amin'izany.

**Ninah Miharisoa :** tena V !

**Mathieu Rak:** aleo handeha ho jerena e !rehefa ts zaka ve tsy hiakatra eny Ambatobe e!

**Heriniaina Rado Niaina:** ny malagasy lesy maro vendrana a, fa tsy raharahiany fa efa nivarotra fanahy ary ny tanjona dia hanao KO ny malagasy dia mazava ho azy, fa lasan'ny vahiny ny tanindrazan lah dia mbola misy gasy tsy conscient mihintsy, fa mieritreritra izy fa exception, fa rehefa vita ny mission any aminareo mpiasany ndray izy no mitodika satria malala secret, ka vitsy kely sisa tavela eo.

**Ambatomanitrasina Vohitra Masina:** ny solika hono hiakatra, dia inona moa izany tsssssss!

**Har Mino :** mila fehezina aloha ny vidin'entana , izay vao tokony hampiakarina ny karama.

**Lalatiana Rahelintsoa :** ny an'ny privée ary mbola ??

**Joseph'Esterah :** domy tapany handoa erany e, Takalom-patsa vidim-pihinanana.

**Rouckssana Abdoullah:** Kkkkk manao merci daholo ny retra2, nefa hanonga ny prix jiaby.

**Maurice Sy Lisa Alison:** tokony ho triplons ny fisondrotry ny karama satria telo taona tsy niakatra.

**Bolton Tsiverianjara :** hita oà.

**Serge Rakotonarivo :** pouvoir d'achat no tena blem, fa na hiakatra ohatrinona aza ny karama tsy mahavaha olana.

**Faraniaina Ratsimandresy :** Domelina lay filoha mbola tsy nampakatra ny karama tao anatin'ny 3 taona.

**Mihael Landii Jade :** akaiky ny fifidianana.

**Soa Fy Rasolofomanana:** fangatahan-dalana io e!

**Mahefa Andriamanambary:** dominy tapany handoa erany.

**Justine Tsivery:** hanonga ny karama, fa hisonga hihoatra ny fiakaran'ny karama ny inflation, izay vao tena ho loza!

## TONONKALO

### RY MPITONDRA MPAMPIBABY TROSA !

Ry tia ny mampibaby trosa, hoy ny teninay vahoaka:
Aza faly mihirahira , manatsaratsara feo,
Satria ny saron`ny vilany , tsy ho ela dia hipoaka,
Raha mitohy ny hagegena sy hadalana ataonareo.

Tsy izany intsony no ilaina ho an`i Madagasikara.
(Be ny trosa miavosa izay tsy zaka raha babena.)
Ny hamafana an`izy ireny , izany no safidy tsara
Sy hany tena vahaolana hahasoa ny firenena !

Ataovy ny mangarahara ny amin`ny fomba nitantanana
Ireo karazam-panampiana tamin`ny andro-pahamehana.
Aoka izay ny "omeo omeo", tsy saka ianao k`aleo faranana,
Sao vao mainka hitondra antsika ho any an-dalam-pilentehana!

Ry tia ny mampibaby trosa, hoy ny teninay vahoaka
Aoka izay ny fandrahonana ireo mpampaneno lakolosy.
Mbola averina eto indray: hitohy ny antso sy hoakoaka,
Raha ny zonay mba hiteny no indro fa voahosihosy !

…`Ndeha mitady vahaolana ny amin`ny fomba hamafana
Ireo karazan-trosabe izay mbola hailiky ny zanaka,
F`aza tia mangata-dava toy ny adala sy sanana,
(Tsy misaina izay ho avy sy ny ampitson`ny taranaka !)

***DADAN`i RIANA (27-04-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny mpanolotsainan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra Lily Rafaralahy sy Clemence Raharinirina, teny amin'ny sampan-draharahan'ny cybercriminalite Anosy, sy ireo olona tonga nanogtrona azy ireo.**

















# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Mpanolotsainan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra 5 hafa, avy amin'ny antoko TIM ihany koa, natao fanadihadiana teny amin'ny sampan-draharahan'ny cybercriminalite Anosy omaly.**









VAROTRA SY TOEKARENA

## Miala any ny La Grande Braderie

Eo amin'ny sehatra ara-toekarena sy varotra, maro ireo izay miezaka hatrany manakaiky ny besinimaro. Ao anatin' izany dia nampahafantarindry zareo avy amin' ny " Madavision ", fa hiverina tsy ho ela ny hetsika " La Grande Braderie de Madagascar ", izay hotontonsaina ny 26 - 27 - 28 - 29 Mey 2022 ao amin'ny " Kianjan'ny Barea " etsy Mahamasina. " Nandritra ny 23 taona nisiany izay dia isan' ny hetsika ara-toekarena sy ara-barotra mamaly ny filan'ny tokantrano malagasy ity karakarainay ity. Hisy fihenam-bidy 15% ho hampihàrin' ny " participants ", na mpandray anjara amin'ireo entana rehetra izay hamidy amin'ireo andro hisian'ny hetsika ireo ", hoy i Harilala Ramantsoa anisan'ny mpikarakara.

Dia hahafinaritra tokoa ny fetin' ny Reny ho avy miaraka amin'ny "Madavision " sy ny " La Grande de Braderie de Madagascar".

***Aly***




*Harilala Ramanantsoa, tompon'andraikitra voalohany amin'ny Mada-Vision, sy ny La Grande Braderie de Madagascar.*

Fampanantenan-dRajoelina tao ho ato

## Tsy ho vita ato anatin'ny herintaona hoy Tody Arnaud

Naneho hevitra mahakasika ny raharaham-pirenena ny depiote teo aloha Tody Arnaud, taorian'ny dia sy tatitra nataon'ny filohan'ny Repoblika, Andry Rajoelina tany Etazonia, nihaona tamin'ny filohan'ny Banky Iraisam-pirenena, ny Tale jeneralin'ny Tahirimbola iraisam-pirenena, narahina fanaovan-tsonia fifarahana famatsiam-bola.

Nandritra ny tatitra nataon'ny filoha, dia nanambara ny hanamboarana ho tara ny lalam-pirenena faha-10 , nampanantena ny hampakatra ny karaman'ny mpiasam-panjakana, nampioma-na ny amin' ny ho fiaka- ran'ny vidintsolika…

Maro ny fanehoan-kevitry ny mpanao politika sy ny olom-pirenena nanoloana izany, anisany i Tody Arnaud.

« Mba hahafahany indray maka ny fonao sy handreseny lahatra anao mpifidy amin'ny fifidianana dia hatombony hokitihina avokoa ireo asa nampantenainy, ka tsy vitany nandritra ny mandat-ny, izay azo antoka fa tsy ho vita anatin'ny herintaona izany asa izany, fa natao fotsiny mba hambaboana anao", hoy ity farany.

Minoa ahy ianareo, hoy hatrany ity mpisolovava sady solombavambahoaka teo aloha tao Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo ity, fa "ho maro koa ny vatofehizoro apetraka ato ho ato, ary hiakatra kely ny vidin'ny lavanila, jirofo... handresen-dahatra ny tantsaha sy ny mpandraharaha, koa samia mandinika lalina isika". Mbola ho maro indray ny kobaka am-bava hataon-dRajoelina ato ho ato arak'izany.

***Isambilo***




*Ny mpisolovava sady depiote teo aloha, Tody Arnaud.*

EFA NIVOAKA AN-DRANOMASINA

# Tsy misy hatahorana intsony ny rivodoza Jasmine

Efa nivoaka an-dranomasina omaly tany atsimon'i Farafangana faritra Atsimo Atsinanana ny rivodoza Jasmine. Tsy misy atahorana ingtsony arak'izany ny momba ity rivodoza ity araka ny nambaran'ny ao amin'ny sampan mpamantatra toetrandro eto amintsika. Iny koa no mety ho rivodoza farany handalo eto amintsika tamin'ity taom-pahavaratra teo, fa fa amin'ny taom-pahavaratra manaraka indray vao mety hisy izay rivo-mahery izay handalo eto Madagasikara. Faran' ny volana aprily sy mey eo tokoa no fiafaran'ny fandalovan'ny rivodoza isan-taona. Momba ny rivodoza Jasmine, nivoaka niandalana koa ny sisan-drahona niaraka taminy. Nanalavitra ny morontsiraky ny Nosy izy nandritra ny omaly tontolo andro, hoy ny tomban'ny sampana mpamantatra ny toetrandro. Miverina amin' ny volonandro mahazatra ny toetrandro eto Madagasikara. Na izany aza dia mbola mahery ny ranomasina amin'ny morontsiraka atsimo andrefana sy atsimo ary atsimo atsinanana. Maka toerana ny tsioka atsimo. Foana koa ny filazana loza mikasika ny fiakaran'ny rano ho an'ny toerana manamorona ny reniranon'i Fiherenana ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, noho ny fahalasanan'ny rivodoza Jasmine ity. Tamin'ny fandalovany tany amin'ny faritra Atsimo Andrefana, namela takaitra tany ity rivodoza ity, nisy ny aina nafoy, ny naratra, ny trano samba, ny tondraky ny rano,…



*Sarin'ny rivodoza Jasmine tamin'ny zanabolana omaly.*

**Niaina**

Kaominina Ivato

# Voasambotra ny mpangarom-paosy nikohizana tao an-tsena



*Mpangarom-paosy tratra tany Ivato.*

Voasambotra ny mpangarom-paosy iray nikohizana tao amin'ny tsenan' ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Manao ny ezaka rehetra hamongorana ny tontakely sy ny mpangarom-paosy ny polisy kaominaly, ny miaramila sy ny zandarimariam -pirenena eny Ivato. Andro tsena ny alarobia, ka mifanaretsaka ny mpivarotra sy ny mpividy, ka eo no manararaotra manao ny asa ratsiny ireo jiolahy. Efa maty paika anefa ny tetika nampasain'ireo mpitandro filaminana any Ivato, ka noraisim-potsiny ny tontakely teo am-pangalarana. Natolotra ny zandary nanaovana famotorana ity jiolahy ity, nialohan'ny nitondrana azy any amin'ny fitsarana. Manentana ny rehetra ho mailo, sy hijoro avy hatrany, sy hiray hina ny fiadidiana ny tanànan'Ivato, rehefa sendra ny jiolahy avy any an-toeran-kafa toy ity.

**Niaina**

Olona nanao taingin-telo tamin'ny moto

# Nosamborin'ny polisy, fa naniratsira sady nisandoka andraikitra koa

Olona nanao taingin-telo tamin'ny moto sady nisandoka andraikitra, no nosamborin'ny polisy afak' omaly alina. Izy ireo dia lehilahy 60 taona sy 47 taona ary vehivavy 39 taona, no voasakan'ny Polisy tamin'izany, rehefa nanao taingin-telo tamina moto iray tokony ho tamin'ny 12 ora alina afak' omaly. Vao nahita ireo Polisy nanakana ilay lehilahy 47 taona nitondra ilay moto dia nitonona ho "Brigadier de Police", ka tsy mila sakanana fa maika handeha. Tsy nanaiky lembenana ireo Polisy. Nanomboka naniratsira ireo Polisy nanao ny asany izy 03 ireto, no nilaza fa mahafantatra lehibe ao amin'ny fitandroana ny filaminana, ka hiantso izany. Nosamborina teo ihany izy 03 ary rehefa nojerena ilay moto noentin'izy ireo dia mbola nahitana toaka tao anatiny. Fantatra ihany koa fa tsy Polisy ilay rangahy, fa hoentiny hanindriana ireo Polisy nisakana azy fotsiny izany.





*Ireo olona 3 nosamborin'ny polisy.*

**Stefa**

Kaominina Ankilizato faritra Menabe

# Taolam-paty iray gony no sarona



*Ireo taolam-paty tratra tany Ankilizato.*

Ny marainan'ny omaly alarobia faha 27 aprily tokony ho tamin'ny valo ora maraina dia nisy paiby, tao amin'ny fokontany Ankilizato Nord, kaominina Ankilizato distrikan'i Mahabo faritra Menabe , fa misy taolam-paty hita ao an-tranoni Mme Emma sy Faniry dit Gaston. Araka ny loharanom-baovao moa dia izy mivady ihany no nipaiby nanambara ny vahoaka, fa hoe nisy nanoraka taom-paty tao aminy, saika haka saribao Ramatoa Emma, no taitra nahita zavatra hafa tamin'ny gony ary rehefa nojereny dia taolana no tao anatiny . Tonga nijery ny zava-nisy avy hatrany ny avy tao amin'ny zandary brigady Ankilizato ary nanokatra ny fanadihadiana, fa ny mahagaga ny olona rehetra dia ny hoe: ahoana no inoana fa naterin'olona tao an-tranon'izy ireo ilay taolam-paty nefa dia mihidy tsara ny vavahadin'izy ireo .
Hita anefa fa efa ela nipetrahana tao ireto taolam-paty ireto, satria efa misy atodina katsatsaka tao ambaniny, koa miandry ny vahoaka fa mba hivoaka amin'ny fanadihadiana ny marina rehetra hoe: taiza ireo taolana ireo no nalaina ary iza no tompon' antoka tamin'ny fangalana azy ireo ary saika ho entina aiza ?

**Rajepa**

Ho fiakaran'ny vidin-tsolika

# Hanao randra-mitarika ny fiakaran'ny vidin-javatra

Araka ny nambaran'ny Filoha Rajoelina tamin'ity herinandro ity, tsy ho azo ihodivirana ny fiakaran'ny vidintsolika, vokatry ny ady any Ukraina. Izay fiakaran'ny vidin-tsolika izay dia hanao randra-mitarika ihany koa ho amin'ny fiakaran'ny vidin-javatra eto amintsika. Anisan'ny voalohany amin'izany ny saran-dalana, satria hitombo ny fandaniana ho an'ireo mpitatitra, hanonga koa ny zavatra ilain'ny rehetra amin'ny fiainana andavanandro satria mifampiankina eo daholo ireo rehetra ireo. Na hiakatra aza ny karaman'ny mpiasam-panjakana, tsy hahavaha olana izany, ny mpiasam-panjakana ihany no mety ho maivamaivana amin'izany, nefa mety tsy ho ampy azy ireo koa izay ho fisondrotana eo, fa ny sarambabem-bahoaka, ny mpiasa tsy miankina dia ho sahirana tanteraka amin'ny fiakaran'ny vidimpiainana eo. Amin'izao fotoana izao aza, mbola tsy miakatra ny vidin-tsolika, efa tena sahirana ny ankamaroan'ny vahoaka, mainka fa hisy fanongan'ny vidin'ny « volamena mainty » izany, dia tsy hay intsony izay hahazo antsika rehetra eto.

**Stefa**



Fifaninanana « Trail aux milles sourires »

# Niakatra 52% ny isan'ny mpandray anjara amin'ny andiany faha13

Miisa 1813 ireo mpandray anjara amin'ny fifaninanana "Trail aux milles sourires" andiany faha 13, izay karakarain'ny fikambanana Utop (Ultra Trail o Plateaux), hanomboka ny 06 Mey 2022 ka hatramin'ny 08 Mey 2022 ho avy izao. Nanazava Andriamatoa Ranaivomanana Julien mpikarakara ny hetsika, fa ny fampiasana ny "Chronométrage informatisé", mba hahafahana mandrefy ny fotoana hahatongavan'ny mpandray anjara, no hampiavaka ny fifaninanana amin'ity taona ity. Nanohy fanazavana ny mpikarakara, fa nisongadina ihany koa ny fisian'ny fifaninanana vaovao antsoina hoe "Six Trail", izay mirefy 22 Km hiainga avy eny amin'ny Fokontany Ambohitriniandriana Fiefe-rana handalo an'Ilafy, ka hifarana eny Ambatobe. Mitsinjarana araka izao manaraka izao ny isan'ireo mpandray anjara: nahitana mpandray anjara miisa 77 ny fifaninanana "Ultra Trail solo ", mpandray anjara miisa 6 ny "Ultra Trail Duo", mpandray anjara miisa 10 ny "Ultra trail Relais", mpandray anjara miisa 248 ny fifaninanana "Semi 70 Km", mpandray anjara miisa 306 ny fifaninanana "Six trail 22 Km", mpandray anjara miisa 536 ny fifaninanana "Fun trail 10 Km" ary nahitana mpandray anjara miisa 155 ny fifaninanana "Zaza trail 5 Km". Nanamafy Andriamatoa Ranaivomanana Julien, fa hisy ny fiaraha-miasa amin'ny Federasiônina Athletisme Malagasy mikasika ny fanatanterahana an'ilay "Championat de Madagascar Trail 70 Km", izay ahitana mpandray anjara miisa 28. Tsiahivina fa ho betsaka ireo teratany vahiny handray anjara amin'ity hetsika ity, izay hotanterahina ao anatin'ny fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana ary 37% ny mpandray anjara amin'ity taona ity dia vehivavy avokoa.

**Franck Razakambelo**





*Mpikarakara avy amin'ny Utop.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 23/04/2022 hatramin'ny 30/04/2022**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (PrÈs CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycÈe Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1Ère ‡ droite aprÈs Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1291-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TRANOMBAROTRA BAOLAI

## Tonga ny "ecran plat"



*Entana maro samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Rehefa manakaiky toy izao ny volana mey dia maro ny magazay lehibe eto amintsika, no manavao ny tolotra omeny. Anisan' izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar - be Toamasina, izay ahitana entana « 1er choix », mifanaraka amin' ny filana sy ny fahefa-mividin'ny besinimaro hatrany. « Vao nahatonga Smart tv - télé led 32" hatramin'ny 85 " sy laser tv samihafa izahay (misy antoka 1 taona). Ho an'ireo izay mividy Smart tv marika «Jeyoo» iray 42" - 75" sy 85" dia hahazo ampli - baffle rechargeable iray hoy ny tompon' andraikitra. Ny antsipirian'izany rehetra izany, dia ho hita ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin'ny laharana antarobia 020 22 605 88 020 sy 0 20 22 308 48 (@ ora fiasana). Ao ihany koa no ahitana entana maro mifanaraka amin' ny filana sy fahefa-mividin'ny daholobe. Toy ny : amplificateur , machine à laver, kits solaires complets marika sunpower : batteries - réfrigérateur, four micro-onde … « Ho an' ireo izay gulateur sy panneaux solaires, climatiseur, cuisinière à gaz sy électrique, manjifa Smart tv « Hisense » 32" sy 43", hisy ampli - baffle rechargeable ho azony ary ho an' ny 50" kosa dia hahazo smartphone", hoy hatrany ny tompon' andraikitra. Ny fanavaozana toy izao dia ilain'ny besinimaro tokoa, mba hanatsarana ny endriky ny ao an-tokantrano ao, amin' ny alalan' ny entana vaovao amin' ny vidiny mirary, tsara kalitao sady mibika toy ny hita ao amin ' ny Tranombarotra « Baolai ».

***Aly***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

Distrikan'i Manja faritra Atsimo Andrefana

## Mirongatra ny andiam-balala, potika ny fambolena

Mirongatra ny andiam-balala amin'izao fotoana any amin'ny distrikan'I Manja faritra Atsimo Andrefana. Noho izay antony izay, maro ny fambolena potika any an-toerana. Anisan'ny faritra mpamokatra vary, katsaka, voanjo sy tsaramaso, kabaro sy ny maro hafa anefa ity distrika ity. Ankehitriny, velon-taraina ireo tantsaha noho ny firongatry ny andiam-balala sy kijeja izay, mamotika ny fambolena. Efa tao anatin'ny tapa-bolana izay no nirongatra ireo andiam-balala ireo. Miakatra mameno ny arabe amin'ny làlam-pirenena fahasivy mihitsy aza izany, ka mananosarotra ny fifamoivoizana. Mangataka fanampiana sy famonjena ireo tantsaha any an-toerana, ny mba hamonoana ireo andiam-balala ireo. Hisy fiantraikany amin'ny vokatra mivoaka avy ao amin'ity distrika ity ny fahasimban'ny voly izao.

***Aly***



*Valala mpanimba voly any amin'ny distrikan'i Manja.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 392**

Mandeha ambony
Vizana
Tampisaka
Nanao fanindroany
Tovana
Vahoaka
Aiza ?
Faran-teny
Sezanay (miv)
Hanapaka
Maharitra
Nanavotra
Mandoro (BR)
Niasa
Alainy, asitriny (miv)
Ivy
Esotra
Lal‡na (miv)

**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0391)

***Mitsivalana***
- Silamo
- Ako – Ma (miv)
- Naharesy
- Diana – Do (miv)
- Inty – Osy
- Kar(y) – (T)ik(o)
- Angano
- Angano

***Mitsangana***
- Sendika
- Aina
- Lahatra
- Akany
- Mora – DG
- Nisosa (miv)
- Amidiko

### TENY MIFANARAKA N° 392

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | ■ | | | |
| 2 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | ■ | | | |
| 4 | | | | ■ | | | | | | ■ |
| 5 | | | | ■ | | ■ | | | | |
| 6 | | | | | | ■ | | | ■ | |
| 7 | ■ | | | ■ | | | | | | |
| 8 | | | ■ | | | | | | | ■ |
| 9 | | ■ | | | | ■ | | | | |
| 10 | | | | | | | ■ | | | ■ |

**Mitsivalana**

**1.** Hanina mahavoky – Asa **2.** Solontena – Grama **3.** Lavaka tsy takatra – Toerana lavitra **4.** Tovana – Atsipy **5.** May tanteraka (BR) – Averina mitovy **6.** Fonenana – Tsofoka **7.** Mpanondro toerana – Nandeha **8.** Aotra – Zava-maneno **9.** Anelanelan'ny taona – Matoanteny (miv) **10.** Tsy marina (miv) – Atody

**Mitsangana**

**A.** Fandrehitra – Lera **B.** Milaza fotoana **D.** Fialam-boly – Vizana (BR) **E.** Mampiray, manambatra – Atody vokatra **F.** Fahazoana diplaoma **G.** Firinga (miv) – Ariary **H.** Tolonao **I.** Ovay toerana **J.** Mailaka (miv) – Atsahatra **K.** Mahantra – Ambony

### Valiny Teny mifanaraka 0391

**Mitsivalana**

**1.** Foza - Anosy (miv) **2.** Akanga **3.** Rononono - Haz(o) **4.** Eva - Ina - Ny **5.** Nihena - Man **6.** Ala - Aina **7.** Rambo **8.** Tily (miv) - Antsa (miv) **9.** Masiso (miv) **10.** Mpitsikilo

**Mitsangana**

**A** Fireneny **B.** Ovy - Lap(a) **D.** Zanahary **E.** Ako - Tale (miv) **F.** Manina (miv) - Os(y) **G.** Inona ? - Basy **H.** SG - Kisoa (miv) **I.** Hao (miv) - Mi - Tsy **J.** Lanonana (miv) **K.** Aizina - (M)amo

## NY TENY FIAINANA

*"Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra ?"*

***Romana 8:32***

**RUGBY À 7**

# Lasa any Tonizia ny Makis à 7 vehivavy

Nanainga tetsy amin' ny seranam-piaramanidina tamin'ny talata 26 aprily 2022 lasa teo , hiatrika ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika eo amin'ny taranja Rugby lalaovin'olona fito (7), izay ho tanterahina ny faha-29 sy 30 aprily any Jammel Tunisie, ny ekipan'ny Makis de Madagascar vehivavy, ahitana mpilalao miisa 12 sy "Coach" iray, "Manager" iray ary Mpitsara sy Mpitsabo iray avy.

-Rasoanekena Véronique Eluriche (Rcts Soavimasoandro),
-Raharimalala Delphine Sarindra (Ftm Manjakaray),
-Sahondramalala Nomenjanahary S (3Fb Fahasalomana),
-Fantantenana Zaya Dinaharisoa (Scb Besarety),
-Razanamahefa Tiana Jinah (Scb Besarety),
-Raharaimalala Ginah Christeine F (Ftm Manjakaray),
-Rakotoarison Felaniaina Mari Jeannie (Ftm Manjakaray),
-Rasoarimalala Claudia Maminiaina (Ftm Manjakaray),
-Rasoloniaina Monica (Jsm Mahamasina),
-Bodonandrianina Mari Christine (Ftfa Antohomadinika).
-Razakaniaina Valisoa Erickah (Scb Besarety),
-Mirasoa Fenohasina Joela (Ftm Manjakaray).

Coach : Andriamaro Hajasoa Maminarivo,
Manager : Ravelonanosy Zakasoa,
Medecin : Ramangaharison V Navalona,
Referee : Randriamanana Mamisoa Eric Julie.

Marihana fa firenena 9, no handray anjara amin'ity fifaninanana ity, hanomboka rahampitso zoma 29 aprily, ka hatramin'ny sabotsy 30 aprily 2022 dia ao ny ekipan'i Afrique du Sud, Ouganda, Tunisie, Ghana, Kenya, Sénégal, Zimbabwe, Zambia ary Madagascar.



*Makis à 7 vehivavy teny Ivato.*

***Rainilita***

**Basikety N1A Lehilahy - Vondrona Andrefana**

# Andro faha-4 ny fifanintsanana anio alakamisy

Andro faha-4 ny fifanintsanana basikety, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 ho an'ny vondrona Andrefana, anio alakamisy 28 aprily 2022. Ao amin'ny "Gymnase Antsiranana" hatrany, no hanatontosana ny hetsika araka izao fandaharampotoana izao :

16:00-Tgbc Betsiboka # 2Bc Analanjirofo,
18:00-Sebam Boeny # Mb2All Analamanga,
20:00-Cosmos Diana # Gnbc Analamanga.

Toy izao ny voka-dalao ôfisialy azo teo amin'ny andro fah-2 an'ity fifanintsanana ity (talata 26 aprily 2022) :

TGBC Betsiboka vs MB2-ALL Analamanga (71 – 67)
SEBAM Boeny vs GNBC Analamanga (86 – 80)
COSMOS Diana vs 2BC Analanjirofo (67 – 46).

Toy izao ny filaharana vonjimaikan'ireo ekipa taorianan'io andro io :

SEBAM (Boeny) manana isa 4 (+35).
TGBC (Betsiboka) manana isa 4 (+10),
COSMOS (Diana) isa 3 (+15),
GNBC (A/manga) isa 3 (+10),
MB2ALL (A/manga) isa 2 (-20),
2BC (A/jirofo) isa 2 (-50).

Marihana fa toy ny efa fanaon'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basketball", rehefa fifaninanana N1A dia nanolotra fanampiana kely izay voarambin'ny tanana, ho an'ireo ekipa mandray anjara amin'ny fifaninanana izy ireo, nandritra ny fotoampanokafana tamin'ny alatsinainy 25 aprily lasa teo.



*Fanolorana fanampiana tany Antsiranana.*

***Rainilita***

**Tournoi Doritos la Relève andiany faha-2**

# Nifarana omaly alarobia ny fisoratana anarana




*Tompondaka Doritos andiany voalohany.*

Nifarana omaly alarobia 27 aprily 2022 ny fisoratana anarana, amin'ny fifaninanana baolina kitra ho an'ny katitakely: « Tournoi Doritos La Relève » andiany faha-2.

Marihana fa ankizy teraka anelanelan'ny 1 janoary 2007 sy 31 desambra 2008, no ekena handray anjara amin'ity fifaninanana ity, ka mitondra Bokim-pianakaviana isaky ny ankizy ary koa Kopia nahaterahana, na kahie fifandraisana any am-pianarana isaky ny ankizy.

Ekipa ahitana mpilalao 18, no mandray anjara amin'ny fifaninanana ary maimaimpoana ny fandraisana anjaran'ireo ekipa nisoratra anarana.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Voanjobory sy henomby** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rony izany, na atao ritra ihany koa. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny fisotroana rano mafana misy voasarimakirana isa-maraina



Ny soa azo avy amin'ny fisotroana rano mafana misy voasarimakirana isa-maraina indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Atao mandritra ny iray volana izany.

Tombontsoa azo avy amin' ny fisotroana rano mafana sy voasarimakirana.

- Manasitrana ny aty matavy.
- Mampihena vatana , manala tavy tsy ilain'ny vatana.
- Mampihena tahana cholesterol.
- Miaro amin'ny aretina Cancer, na homamiadana.
- Manala calcul renal, na vato amin'ny voa.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana, be vitamina C.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina , tsara ho an'ny olona mitohana, na manao constipation matetika.
- Tsy mampi-decalcifie izany, izany hoe tsy manila ny kalsiôma amin'ny vatana.

Afaka manao izany ny vehivavy mitondra vohoka sy mampinono ary ny olona misy aretina rehetra.

Sotroina adin'ny 1 alohan'ny sakafo maraina . Tsy asiana siramamy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andramy any amin'ny distrikan'i Morafenobe faritra Melaky

Ny tanànan'Andramy any amin'ny distrikan'i Morafenobe faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany.

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna avy amin'ny kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 3 mandrafitra ny distrikan'i Morafenobe faritra Melaky ihany indray, no ampahafantarina antsika.

Renivohitry ny kaominina Andramy ny tanànan'Andramy, iray amin'ireo kaominina miisa 3 mandrafitra ny distrikan'i Morafenobe. Any amin'ny faritra andrefan'i Madagasikara no misy azy. Tantsaha mpamboly sy mpiompy ny mponina any Andramy, ny 60% ny mponina dia miasa amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana izay. Vokatra any ny vary, ny katsaka, ny fary ary ny mangahazo.

